AMBOHITRIMANJAKA 4

# RANGAHY HITA FATY NIHANTONA TAO AN-TRANONY

MARINA IZANY ! 7

## TONGO-BAKIVAKY ... !

RUGBY "SUPER COUPE" COSFA SY FTM 2

## NIRAVA TSY LERA NY FIHAONANA !




# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7501 Taona faha-24 **Vidiny: 500 Ariary** Gazety mivoaka isan'andro Alatsinainy 20 febroary 2023


FILOHA RAJOELINA ADDIS-ABEBA 7



## NIRESAKA MOMBA NY VAHAOLAN'NY ANGOVO

RIVODOZA MAHERY VAIKA FREDDY 8

# HIDITRA AN-TANETY EO ANELANELAN'I VATOMANDRY SY MANAKARA RAHAMPITSO

MARC RAVALOMANANA 7



# NIOVA INTELO NY TOERANA NAMORIANA VAHOAKA SAINGY TANTERAKA IHANY

ZANAKY NY FARITRA BONGOLAVA

## NAMOTSIPOTSITRA NY MAHARARY AZY 7

FIMPIMA - 60 TAONA 3

## TAFITA TAMIN'IREO MPIKAMBANA ISAM-PARITRA NY FANILO MIAMPITA

MANAKARA - ZAZA 3 TAONA

## NOKENDAIN-DRENINY TAMIN'NY LAMBA 4




Rugby - " Super Coupe "

# Nirava tsy lera ny fihaonan'ny COSFA sy ny FTM



Efa lasa fahazaran-dratsy amin'ny taranja rugby ny firavana tsy lera !

*Tezitra tamin'ny fanapahan-kevitry ny mpitsara lalao ny COSFA ka tsy nety nanohy ny lalao intsony.*

Raha noheverina fa niravona ny disadisa teo anivon'ny Federasionina Malagasin'ny Rugby, taorian'ny nanomezan' ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena alalana ny filoha am-perinasa, hitantana indray an'ity taranja ity, dia nandiso fanantenana ny mpijery baolina marobe, tonga teny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka, omaly, ny tsy nahavitan'ny lalao hatramin'ny farany tamin'ny fihaonana teo amin'ny COSFA sy ny FTM Manjakaray, niady ny " Super Coupe ". Teo amin'ny faha-12 minitra nilalaovana tamin'ny fizaram-potoana faharoa, dia nahatratra telo ny mpilalaon'ny miaramila, nomen'ny mpitsara lalao katratra mavo, izay midika fa tsy afaka miditra milalao raha tsy vita ny 10 minitra ipetrahany eny amin'ny sisin'ny kianja. Anisan'ireo mpilalao nahazo karatra mavo i Maël sy Saïd ary Hervé, izay naneho tamin'ny mpanao gazety fa nolazain'ny mpitsara lalao ho nanompa azy, kanefa nolaviny tanteraka. Tezitra tamin'izany fanapahan-kevitra noraisin'ny tompon'ny kiririoka izany ny COSFA ka tsy nety nanohy ny lalao intsony, na dia efa nitarika tamin'ny isa 20 no ho 15 aza ny ekipan'Ampahibe. Teo am-pialàna sasatra dia efa nitarika tamin'ny isa 13 no ho 09 ny COSFA. Marihina fa nahita an'izao trangan-javatra izao ny Sekretera Jeneralin'ny IRB – Africa, izay nandaka ny baolina teo amin'ny "centre", talohan'ny nanombohan'ny lalao, sy Rtoa Corallie, efa mivahiny aty amintsika matetika. Nanambara ny mpitantana ny Malagasy rugby fa hivory, handinika ny fanapahan-kevitra horaisiny manoloana an'iny " firavana tsy lera iny ". Toy izao kosa ny voka-dalao tamin'ny fihaonana hafa talohan'ity " Super Coupe" ity : Makis "U20/B" (29) # XV Avenir (27) ; Makis "U20/A" (48) # US Ikopa (12) ; TAM Anosibe (37) # SC Besarety (28).

**aris rafaly**

Kitra - Tompondaka " OPL 2022/2023 "

# Mitarika vonjimaika hatrany ny FOSA Juniors FC



Efa manana elanelan'isa maro ny Fosa Junior FC. (Sary : a.r)

Raha ny voka-dalao voaray tamin'ny andro faha-6, nanaovana ny lalao fifanintsanana amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny "Orange Pro League 2022/2023", dia mivadibadika hatrany ny ekipa mitarika amin'ny laharana vonjimaika ao anatin'ny " Conférence Sud ". Tsy manam-piovàna kosa izany hatramin'izao ao amin'ny " Conférence Nord ", dia ny fitarihan'ny ekipan'ny Fosa Junior (manana isa 18) avy any Boeny azy, izay nandavo ny USCAFoot 1 no ho 0 teo amin'ny kianja Alarobia. Mbola tsy manam-piovana ihany koa ny laharan'ny ekipa telo aoriany, ahitana ny COSFA Analamanga (11) sy ny USCAFoot Analamanga (9) ary ny AJESAIA Bongolava (8). Mbola manana lalao iray tsy vita ny ekipan'ny COSFA ary manana isa 11. Tahaka izao kosa ny voka-dalao ( AJESAIA (2) # Ria Kitra FC (2) – COSFA (1) # AS Fanalamanga (0) - TFFC (4) # ASA (3)) sy ny laharana sasany ao anatin'ny " Conférence Nord " hatrany ( 5°/ AS Fanalamanga Alaotra Mangoro (7) – 6°/ TFFC Boeny (4) – 7°/ Tia Kitra FC Atsinanana (4) – 8°/ ASA Diana (2)). Amin'ireto ekipa dimy farany ireto dia ny ekipan'ny TFFC irery no mbola tsy nahavita ny andro faha-6. Mitarika vonjimaika ao anatin'ny " Conférence Sud " kosa indray ny Disciples FC, manana isa 10, taorian'ny nandreseny ny Jet Kintana Itasy tamin'ny isa 2 no ho 0. Nisaraka ady sahala 1 no ho 1 tamin'ny Elgeco Plus Analamanga ny MAMA FC Ihorombe, izay manana isa 9. Manaraka azy akaiky ny Zanakala FC Matsiatra Ambony manana isa 8, nanao ady sahala 2 no ho 2 tamin'ny CFFA Analamanga tany amin'ny kianja Ampasambazaha. Mbola tsy ampy lalao iray toa an'ny Elgeco Plus (8) koa ny CFFA, mitana ny laharana, faha-4 sy faha-5. Mitana ny laharana telo farany ny Jet Kintana (7) sy ny DATO FC (6), resin'ny 3 Fb Toliara (4) 3 no ho 2 tany amin'ny kianja Manarapenitr'i Manakara. Marihina fa hotanterahina amin'ny alarobia 15 febroary 2023 izao ny andro faha-5 tsy vita : Kianja Vontovorona (2 ora 30) : Fosa Junior # ASA Diana (C.N) ; Kianja Ambohidratrimo : Ajesaia # ASA

**aris rafaly**

Lalaon'ny Nosy 2023

# Efa lasa any Chine ny andiany faha-2

Nanainga teto andrenivohitra tamin'ny faran'ny herinandro teo, ka nihazo an'i Chine ihany koa ny andiany faharoa tamin'ireo atleta 45, hanomantena amin'ny fiatrehana ny lalaon'ny nosy andiany faha-11 eto amintsika amin'ity taona ity. Mahatratra 8 ny isan'ny atleta nalefan'ny mpitantana ny taranja badminton niatrika ny fiofanana, ary toraka izany koa ny isan'ny mpilalao tenisy ambony latabatra. Heverina fa efa samy any an-toerana avokoa ireo atleta 45 ireo, haharitra efa-bolana ny faharetan'ny fiofanana ataon'izy ireo any Chine. Samy ahitana tekinisianina iray avy ao anatin'ireo taranja rehetra miatrika ny fiofanana, tarihin'ny tomponandraikitra anankiray ihany koa avy ao amin'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena. Soritana fa izao fandehanana izao no tanteraka dia noho ny fiaraha-miasan'ny fitondrana malagasy sy ny Sinoa. Tsara ampahatsiahivina fa taranja 4 (atletisma (isan'ny atleta : 15) – fibatana fonjamby (14) – badminton (8) – tenisy ambony latabatra (8)) no misitraka an'izany fampivondronana izany any Chine.

**a.r**

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

Talen'ny Fanoratana : Lucien RAHARISON 034 34 697 06

Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana : Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

Birao sy fandraharahana : Lalana Ravoninahitriniarivo B.P. 1414 - Antananarivo

Tél.: 22 697 79 / 22 697 80

Fax. 22 273 51

e-mail:midigazetikom@gmail.com

D.L.I.: 15 946 - 02 - 23

Isan'ny natonta : 25 000

*Nahandro*

## Baranjely sy korizety

**Ireo zavatra ilaina :** baranjely antsasakilao, korizety antsasakilao, voatabiha telo voatetika, tongolo oignon hasiny efatra voatetika, ahitra manitra roa sotro, poavrao iray voatetika, menaka telo sotro, sira.

**Fomba fikarakarana azy :** sasana ny baranjely sy ny korizety dia andrahoina amin'ny entona. Endandasina ny voatabiha , tongolo oignon, ahitra manitra ary ny poavrao dia asiana sira. Rehefa masaka ny baranjely sy ny korizety dia tetehina ary asiana sira ihany koa. Afangaro amin'ny lasaosy eo ambony. Rehefa maty ny afo dia arotsaka ny tongolo gasy ary afangaro tsara.

midigazetikom@gmail.com

À VOUS LA PAROLE

APETRAHO NY FANONTANIANAO AMIN'NY TARIKA

mahaleo



Izy ireo no vahiny manaraka amin'ity karazan-dahatsoratra manaraka ity

Anarana

Asa

Fanontaniana 1)

Fanontaniana 2)

*Hetezana ao anaty gazety ny tapakila ary haterina aty amin'ny Midi Madagasikara Ankorondrano, Lalana Ravoninahitriniarivo, BP1414, Antananarivo 101, mialoha ny 23 febroary 2023*

midimadagasikara

FI.MPI.MA maneran-tany 60 taona

# Tafita tamin'ireo mpikambana isam-paritra ny fanilo miampita

Herin-taona izao no nametrahan'ny UNESCO ho vakoka tsy azo tsapaintanana iraisam-pirenena ny kabary malagasy. Isaky ny 3 taona dia misy ny tombana ataon'ny Unesco ka nahatonga ny kabary ho harentsaina. « *Mila miasa ny mpikambana rehetra mba hitazonana izay Sata Ambony izay* », hoy ny Filohan'ny FIMPIMA maneran-tany, Hanitra Andriaboavonjy. Efa nanao tatitra mikasika ny zava-bitany ny birao foibe mba hanaporofoana fa velona sy miaina ny kabary. Alefa any amin'ny Minsiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina izany ary izy ireo indray no mandefa izany any amin'ny UNESCO. « *Tsy tonga tamin'izao toerana misy azy izao ny kabary raha tsy nisy ny solontenam-panjakana niady mafy* », hoy ihany ity filohan'ny Fimpima manerantany ity nandritra ny fanokafana tamin'ny fomba ofisialy ny fankalazana ny faha-60 taonan'ny Fimpima ny sabotsy teo.



Tafita tamin'ireo mpikambana isam-paritra ny fanilo miampita.

Nanamarika ny hetsika ny fampirehetana ny « Fanilo miampita ». Amin'ny maha goavana ny tranga tahaka izao dia tamin'ny alalan'ny teny miendrika firarian-tsoa izay tarihin'ny zokiolona amin'ny mpikabary, notronin' ireo mpikabary velon-dray aman-dreny, no nanatanteraka izany. Taorian'izay, samy naka ny anjara fanilony ireo filoham-paritany sy sampana misy eo anivon'ny FIMPIMA.

« Kabary Tour »

Voalaza fa amin'ny novambra ny ivon'ny fankalazana, izay homarihina amin'ny loabary an-dasy. Hisy ihany koa ny fankalazana any Toamasina ny 25 febroary izao. Fianarantsoa ny 11 marsa ary herinandro aorian'io dia any Toliara. Fa ankoatra izay dia hisy ny hetsika antsoina hoe « kabary tour ». Miainga eto Antananarivo hihazo ny lalam-pirenena faha-7 mandalo any Isalo ary mipaka hatrany Ifaty. Hanomboka amin'ny 12 jona ary tsy mifarana raha tsy ny 23 jona amin'ity taona ity.

**Nangonin'i Tiaray R**

Mahavita Nassif

# Nanohana voka-pikarohana mikasika ny finoana silamo sy ny soatoavina malagasy

Tamin'ny 16 febroary lasa teo no nanatanteraka ny fanohanany ny voka-pikarohana nataony, teny amin'ny oniversiten'Ankatso Atoa Mahavita Nassif, », avy ao amin'ny lalam-piofanana haifiarahamonina politika. Fikarohana nifantoka tamin'ny lohahevitra : « Ny finoana silamo sy ny soatoavina malagasy miorina amin' ny fisokafana sy ny fifampitondrana ara-drariny ary mitovy. Manana toerana ambony ny fahamasinany, manameloka ny tsy firaharahiana ny fitondran-tena tsara ». Taorian'ny fanohanana dia nanapa-kevitra ny hanome ny mpiadina ny « mention très honorable avec félicitations du jury » ny mpitsara. Marihina fa maripahaizana « Doctorat » no azon'Atoa Mahavita Nassif, taorian'ny fanohanany ny voka-pikarohany. Marihina fa anisan'ireo mpanadina ny minisitry ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Ara-tsiansa, izay sady niarahaba ny mpiadina no mampirisika hatrany ny tanora hanao fikarohana sy hiroso amin'ny dingana ambony.

**V.R.**

Mpanao gazety mpihira

# Niverina an-tsehatra indray rehefa niato elaela

Niverina an-tsehatra indray ireo mpanao gazety mpihira raha toa ka niato kely nandritra ireny fihibohana ireny. Ny faran'ny herinandro teo dia nanolotra fampisehoana tetsy Antanimena izy ireo, nahitana ny mpanao gazety avy ao amin'ny RDB, Dépêche informative taratra, ny TVM, ary ireo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery hafa eto an-drenivohitra. Niverina tamin-kery mihitsy izy ireo raha ny zavatra natolony no jerena. Nohirain' izy ireo tamin'ny fomba hafakely ireo hira malaza amin'izao fotoana. Fahombiazana ! Izay no mahalaza izany fampisehoana nataon'izy ireo izany. Afa-po ireo mpankafy, indrindra fa ny mpikarakara. Nilaza moa ireto farany fa efa zary fomba amam-panaon'izy ireo mihitsy ny manao fampisehoana tahaka izao mba ho mariky ny fifampiarahabana nahatratra ny taona sy ny fetin'ny mpifankatia, saingy izao indray izany vao tanteraka. Marihina moa fa ireto mpanao gazety mpihira ireto dia sady tafiditra amin'ny serasera sy ny kolontsaina, izay samy ambany fiahian'ny MCC.

**Tanya.R**

Dokotera Souleman

# Nanome laka ny kabary tetsy amin'ny Ifm

«*Ny kabary sy ny fandrosoana*». Io no lohahevitra lehibe nitondran'ny dokotera Souleman Brahim Andriamandimby, mpampianatra mpikaroka etsy amin'ny Anjerimanontolo, ny kaoferansa lehibe notanterahiny tetsy amin'ny Ifm Analakely ny marainan'ny sabotsy teo. Novelabelariny tamin'izany ny maha vakoka iraisam-pirenena azo tsapaintanana ny kabary. Nasongadiny fa mahatratra 677 ny isan'ny vakoka iraisam-pirenen'ny Unesco hita ao anatin'ny firenena 140, ka anisan'izany ny antsika eto Madagasikara. Misy maromaro izy ireo, fa ny kabary no nasongadiny, izay voasoratra tamin'ny 2021. Nahazo laka tanteraka ny kabary nandritra izany, satria ankoatra ny kaoferansa, dia nisy ny fampisehoana fahaizana nataon'ireo mpikabary namany tamin'ny alalan'ny « dontany sy kapotandroka » sy ny fanehoana izany hoe kabary am-bava sy an-tsoratra izany.

**Fy**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Tøy ny fakan-tsary iray ny fiainana : ifantohana ny tsara sy izay rehetra mety ho many ; andosirana avokoa ny seho mampitomany ; alaina ambony, alaina ambany ka ny tsara rehetra tazonina, ny ratsy kosa avela ho any. Miezaha mikendry ny tsaratsara hatrany."

Ny Vetso (21. 06. 15)

("Life is like a camera. Just focus on what's important, capture the good times, develop from the negatives, and if things don't turn out take another shot.")

"Amour'rire"

# Nafana ny fiarahana na somary nangingina aza

Tamin'ny 16 febroary 2018 ny « *Amour'rire* » andiany voalohany. Efa niaka-dapa tao amin'ny Lapan'ny Kolontsaina Mahamasina izy tamin'io. Francis Turbo sy Gothlieb no naneho ny kantony tao anatin'izany. Noho ny fangatahan'ny maro dia naverina tao amin'ny CCESCA io hetsika io ny 11 martsa 2018 ihany, ary nomena anarana hoe « Amour' rire deuxième voyage ». Dimy taona aty aoriana, naverina ny « Amour'rire », ka omaly no nanatontosana izany tetsy amin'ny CCESCA Antanimena. Ry Fou Hehy (Eric sy Honorat) sy ry Etsetra Etsetra (Aldini sy Riri) no nifarimbona nanafana ny sehatra. Asa na noho ny tsy fahampian'ny fampahafantarana ve sa misy mpanao hatsikana andrasan'ny mpijery? Sa ao anatin'ny maitso ahitra tokoa isika izao, ka tsy manam-bola ny olona? Niezaka nanolotra ny tsara indrindra tokoa izy efa-dahy ary nafana dia nafana ny fiarahana tao an-toerana, saingy somary vitsy tsy araka ny niheverana azy ireo namaly ny antso. « Amour'rire saint valentin » no nentin'izy ireo tao an-toerana, nefa tsy resy lahatra tamin'izany ny ankamaroan'ireo mpifankatia mankafy hatsikana hatramin'izany, izay efa nahafeno ny Lapan'ny Kolontsaina mihitsy aza. Mahalasa saina ihany tokoa ny zavamisy, sa ve efa voky ny hatsikana marobe miparitaka any anaty fesiboky izy ireo? –Mety antony iray hafa ihany koa io.

**Fy**

"Mihamy Mada Fashion"

# Ny renivohitr'i Betsimisaraka no handray ny andiany faha-4



Sary nandritra ny "Mihamy Mada Fashion" andiany faha-2.

Hetsika hanomezana tosika sy hampisongadinana ny sehatry ny haihaingo, natao hisarihana sy hanentanana ny mpiarabelona rehetra hanjifa ny zava-bita malagasy foronina sy vokarina eto Madagasikara, ny "Mihamy Mada Fashion". I Toamasina, ao amin'ny renivohitr'i Betsimisaraka, no handray ny andiany faha-4 amin'ity taona ity, izay hotanterahina ny 6-7-8 aprily 2023. Ny Ministeran'ny Serasera sy ny Kolontsaina no tompomarika amin'ny fikarakarana ny hetsika miaraka amin'ireo mpiara-miombona antoka aminy. Natao hampisongadinana ny tontolon'ny asa famoronana (industrie culturelle et créative) anatin'ny haihaingo sy ny zaitra. Tanjona ny hahafahan'ireo « styliste » matihanina na vao misondrotra hivelona amin'ny talentany amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ny fandraharaharana ara-kolontsaina. Afaka mandray anjara amin'ity hetsika ity avokoa izay rehetra misehatra eo amin'ny famoronana lamaody sy ny zaitra ary ireo orinasa madinika sy salatsalany misehatra amin'ny hay haingo sy ny fikarakarana lanonana. Ho an'izay maniry ny handray anjara dia mila mandefa ny mombamomba azy sy ny zavatra ataony amin'ny adiresy mailaka "sedric2019@gmail.com" sy "samcdic2019@gmail.com".

**Tiaray R**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 033.72.834.38 / 034.22.160.88. (G-BA 460/20-15)

* Debara, fanaka, frigo, boky, TV, kilalao, vy, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 470/10-6)

* Lamba, kiraro, kojan-dakozia, machine, bisikileta, fanaka, TV, cahier. MMA. SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 475/10-4)

### COURS

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 478/5-2)

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 482/10-2)

* Fampianarana manety lehilahy : coupe homme. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 482/10-2)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 473/7-5)

### VIDANGE

* Vidange wc perdu, fosse septique, puisard, réparation, réhabilitation. Tél : 038.42.629.39 / 033.15.941.80. (G-BA 476/20-3)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.50.547.47. (G-BA479/20-2)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 033.03.487.21. (G-BA 481/10-2)

Ambohitrimanjaka

# Rangahy hita faty nihantona tao an-tranony

*Tao anatin'ny telo taona no efa indroa nikasa hamono tena ity lehilahy ity.*

Lehilahy iray tokony ho 45 taona no hita faty nihantona tao an-tranony ny sabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 3 ora tolakandro, teny Fiakarana, eny amin'ny kaominina Ambohitrimanjaka. Ny rahalahiny tonga tao aminy no gaga raha nahafantatra fa mihidy avy any anatiny ny varavarana, kanefa tsy nisy olona namoha izy ireo tamin' ny fahatongavany teny. Nipetraka avy hatrany ny ahiahian'ireo ka notereny novohaina avy aty ivelany ilay varavarana. Akory anefa ny hatairan'izy ireo raha vao tafiditra fa ny vatana mangatsiakan'ity fianakaviany ity nihantona tamin'ny tady no hitany tao. Anisan'ny nampandrenesina avy hatrany mikasika ity faty olona ity ny zandary teny an-toerana ka tonga nidina ifotony nanao fitsirihana teny an-toerana izy ireo niaraka tamin'ny dokotera.

**Nisaraka**

Araka ny fanazavana dia famonoan-tena tamin'ny fanantonana tady nihantona tao an-tranony ny alin'ny zoma hifoha sabotsy teo no nahatonga ity fahafatesana ity. Tsy fantatra mazava izay antony nahatonga azy hamoy fo tahaka izao fa araka ny fanazavana voaray hatrany dia efa nanana olana ara-tokantrano izy ary niafara tamin'ny fisarahantoerana teo amin'izy mivady izany. Ka asa na misy ifandraisany amin'izany izao famoizam-po izao. Ny vadiny sy ny zanany enina no voalaza fa miara-mipetraka eny Ampahibe Fiakarana eny Ambohitrimanjaka eny ihany. Fantatra ihany koa fa tao anatin'ny telo taona no efa indroa nikasa hamono tena ity lehilahy ity. Efa natolotra ny fianakaviany ny razana taorian'ny fizahana nataon'ireo tomponandraikitra.

T.H

Manakara

# Maty nokendain-dreniny tamin'ny lamba ilay zaza 3 taona

Loza no niseho tany amin'ny distrikan'i Manakara fa ilay renim-pianakaviana 20 taona ihany no namono nahafaty ny zanany lahikely telo taona. Ny sabotsy lasa teo no voasambotry ny olona tany amin'ny fokontany Vohilava II, kaominina Anteza, any an-toerana ilay ramatoa ka efa naterina tany amin'ny zandary. Nandritra ny famotorana nataon'ny zandary azy no nilazany fa efa nisara-bady izy ary manana fofombady izy amin'izao fotoana izao. Araka ny fanazavany hatrany anefa dia tsy tian'ilay dadakeliny ity zanany ity ka ampijaliany sady tsy omeny sakafo akory. Araka ny filazan'ilay ramatoa tamin'ny mpitandro filaminana ihany dia nampirisihin'ilay fofombadiny io izy mba hamono ilay ankizilahikely io, fa raha tsy izany dia tsy hovadiany. Fantatra fa efa bevohoka enim-bolana ravehivavy amin' izao. Nilaza ho matahotra ilay fofombadiny izy ka dia io nahafoy ny zanany io. Ny 2 febroary no nokendainy tamin'ny lamba ilay zanany ary rehefa maty dia nariany tany amin'ny toerana antsoina hoe Antampon'i Vatoambo, fokontany Vohilava II, ny razana. Ny 9 febroary, akory ny hatarain'ny olona raha nahita ilay fatin-jaza.

**Karohina**

Olona sendra nandalo no nahatsikaritra izany. Nojerena ka efa simba tanteraka ny razana. Nisy ny fanadihadiana nataon'ny fokonolona teny amin'ny manodidina ka fantatra io zaza maty io ary ny reniny ihany no voarohirohy ho nahavanon-doza. Araka ny vaovao voaray hatrany mantsy dia nisy nahita ny nialan'izy mianaka teo antanàna ary nilaza ilay renimpianakaviana tamin'izany fa hanatitra ilay zanany any amin'ny rainy niteraka azy. Nandeha nitsoaka anefa ilay ramatoa taorian'izay ka izao tra-tehaky ny fokonolona izao taty aoriana ary efa naterina any amin'ny zandary io. Notazonina tao amin'ny tobim-paritry ny zandary izy ary karohina ihany koa ilay fofombadiny amin'izao fotoana izao.

*Araka ny filazan'ilay ramatoa tamin'ny mpitandro filaminana ihany dia nampirisihin'ilay fofombadiny io izy mba hamono ilay ankizilahikely io, fa raha tsy izany dia tsy hovadiany.*

T.H

Morombe

# Jiolahy nahatrarana lohan'ankizy, maty voakapa famaky

Jiolahy iray nahatratrarana lohan'olona no maty voakapa famaky tany amin'ny fokontany Analasosa, kaominina Antanimieva, any amin'ny distrikan'i Morombe, ny zoma lasa teo. Ny marainan'io tokony ho tamin'ny 8 ora no nahazo loharanom-baovao ny mpitandro filaminana tany an-toerana fa misy olona mampiahiahy nandalo tao amin'io fokontany voalaza etsy ambony io. Araka ny fanazavana azo dia nandeha nidina ifotony tany an-toerana ireo zandary sy miaramila ka niroso tamin'ny fisamborana io olona io. Nandritra ny fisavana azy no nahitana lohan' olona teny aminy tamin'io fotoana io. Fantatra tamin' izany fa lohan'ankizilahikely iray tokony ho 10 taona ilay izy. Nisy nahafantatra fa olona ao Andranovoridrengataky, kaominina Antanimieva, any amin'ny distrikan'i Morombe ity tapaka ity. Nentina tany amin'ny biraon'ny mpitandro filaminana tany Analasosa ity lehilahy ity ary natao andrimaso tao sy natao famotorana.

**Zanak'anabaviny ihany**

Nandritra izany no nanondroany olona mpiray tsikombakomba aminy lazainy fa namany ka nentina nandeha hisambotra ilay io izy taorian' izay sady hitondra any amin' ilay toerana namonoana io zaza io. Teny an-dalana anefa dia nikasa nandositra ralehilahy. Tezitra araka izany ny fokonolona ka nihazan'ny hatezeram-bahoaka izy ary nokapain'ireo tamin' ny famaky ka maty. Efa saika hodoran'ny olona mihitsy aza ny fatin'ity jiolahy ity fa rehefa nisy ny fifampiresahana niaraka tamin'ny ray aman-dreny teo an-tanàna dia tapaka tamin'izany fa halevina ihany izy. Araka ny fanampim-panazavana azo hatrany dia zanaky ny anabaviny ihany ity ankizy notapahiny loha ity. Niaranatory izy mianaka ny alin'ny alakamisy hifoha zoma teo ka nandritra izany no nanamparan-dralehilahy ny famonoana feno habibiana nataony tamin'ilay ankizy.

T.H

Andohatapaneka

# Lehilahy nanendaka mpivarotra, maty voatifitry ny polisy

Lehilahy mpanendaka no maty voatifitry ny polisy teny Andohatapenaka ny sabotsy maraina lasa teo. Araka ny fanazavan'ny polisy dia vehivavy iray mpivarotra no lasibatry ny asa ratsin'ity lehilahy ity sy namany. Nitondra fitaovam-piadiana toy ny antsy lava lela ry zalahy nandritra ny fotoana nanatanterahany ny asa ratsiny teny an-toerana. Ary efa saika voan'ireo olon-dratsy tamin'io antsy io mihitsy ravehivavy raha nisy kely foana. Soa fa nisy polisy nanao fanamiana sivily teny an-toerana ka nahita ny zavanitranga. Tsy nampoizin-dry zalahy mihitsy ny fisian'ireo mpitandro filaminana ireo. Iny ilay jiolahy saika hamono an'ilay ramatoa iny no niditra an-tsehatra voatery nitifitra azy ny polisy ka avotra soa aman-tsara araka izany ravehivavy. Ilay jiolahy kosa niantefan'ny bala teo amin'ny lohany ka nitarika ny fahafatesany tsy tra-drano izany. Mbola hita teny aminy ilay antsy tamin'io fotoana io. Ilay namany iray lasa nanao tari-dositra nanavotra ny ainy raha vao nahita ity lehilahy ity lavon'ny bala. Tsy lasan'ireo olondratsy araka izany ny poketra nisy vola teny amin'ity vehivavy ity. Taorian'izay dia efa naterina teny amin'ny tranom-patin'ny hopitaly ny razana miandry ny hakan'ny fianakaviany azy. Mitohy kosa ny fanadihadiana sy fikarohana ilay jiolahy tafaporitsaka.

T.H

Mahanoro

# 2 lahy tratra nangalatra lavanila maitso

Roa lahy 20 taona sy 57 taona no voasambotry ny polisy tany Mahanoro noho ny resaka halatra lavanila maitso. Maro ny fitarainana azon'ny polisy any amin'iny faritra Mahanoro sy ny manodidina iny amin'ny afitsoky ny mpangalatra lavanila mbola tsy matoy. Nanoloana izany dia nandray ny andraikiny avy hatrany ireo polisy nanao fanadihadiana ary nandeha nidina ifotony tany an-toerana nijery sy nanamarina ny zavaniseho. Nisy ny vela-pandrika natao ka dia izao tra-tehaka izao ireto lehilahy roa ireto. Araka ny fanazavana hatrany dia tratra ambodiomby mbola teo am-pitangosana lavanila maitso mihitsy ry zalahy tamin'io fotoana io. Voalaza fa efa nahangona 19 kilao tamin'io lavanila tsy mbola matoy io izy ireo. Taorian'ny fisamborana dia efa nentina tany amin'ny kaomisaria tany an-toerana izy ireo ary notanana tany sy natao famotorana.

T.H

"Covid-19"

# Nisy tranga 3 tao anatin' ny herinandro

Mitohy ny ady amin'ny « Covid-19 ». Araka ny tatitra ofisialy navoakan'ny minisiteran'ny fahasalamam-bahoaka, dia nisy olona 3 vaovao voamarina fa voan'ity aretina ity teo anelanelan'ny 11 ka hatramin'ny 17 janoary lasa teo. Tamin'ny alalan'ny fitiliana niisa 272 no nahitana ireto tranga vaovao ireto. Teto amin'ny faritra Analamanga avokoa izy ireo. Olona efatra ankehitriny no fantatra fa mbola manaraka fitsaboana, koa ny 1 amin'ireo no maneho tranga misy fahasarotana. Hatramin'ny fotoana nidiran'ity valanaretina ity teto Madagasikara, dia nahatratra 67 852 ireo olona efa voa. Sitrana ny 66 427 tamin'ireo marary ireo, ary namoy ny ainy ny 1 421.

R. Muray

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

*Oainina*




## Hatsikana an-tsary

*Ronono*




## Masoandro Miposaka

**Salamo 119 : 10-13**

Tamin'ny foko rehetra no nitadiavako Anao; Aza avela hivily hiala amin'ny didinao aho. Ato am-poko no iraketako ny teninao, Mba tsy hanotako aminao. Isaorana anie Hianao, Jehovah ô; Ampianaro ahy ny didinao. Ny molotro no nentiko nilaza ny fitsipika rehetra naloaky ny vavanao.

## Indray mipika

AZA ODIAN-TSY HITA OHATRY TOHOM-BOMANGA MISY VAHINY.



Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana

**Lava volombava mizaha lanonana, ka ny alamaka ihany no mahafaingana azy.**

Un homme à longue barbe (ou : longues moustaches) se préparant à aller voir des jeux populaires : c'est en la lissant avec la main qu'il sera le plus vite prêt.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2885

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 2 | | | | | 1 | | | 8 |
| 9 | | 8 | | | | | | 2 |
| | | 6 | | | 7 | 4 | | |
| 3 | | | 7 | 2 | | | 6 | |
| | | | | | 5 | | | |
| | | 1 | 8 | | 6 | | 5 | |
| | 4 | | 6 | 5 | | | | |
| | | | | 3 | 2 | | | |
| | | | | | 4 | | | 6 |

Valin'ny laharana 2884

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 9 | 7 | 6 | 2 | 3 | 4 | 5 | 8 |
| 2 | 3 | 8 | 5 | 4 | 9 | 7 | 1 | 6 |
| 4 | 5 | 6 | 8 | 7 | 1 | 9 | 3 | 2 |
| 8 | 6 | 4 | 1 | 9 | 5 | 2 | 7 | 3 |
| 3 | 2 | 9 | 7 | 8 | 6 | 1 | 4 | 5 |
| 5 | 7 | 1 | 4 | 3 | 2 | 6 | 8 | 9 |
| 7 | 8 | 5 | 9 | 6 | 4 | 3 | 2 | 1 |
| 6 | 4 | 3 | 2 | 1 | 8 | 5 | 9 | 7 |
| 9 | 1 | 2 | 3 | 5 | 7 | 8 | 6 | 4 |

Filoha Rajoelina tany Addis-Abeba

# Niresaka momba ny vahaolan'ny angovo

*Distrika 36 amin'ireo 119 misy hisitraka " parcs solaires " mahazaka 50MW.*

Isan'ny nandray anjara sy nitarika ny delegasiona malagasy tamin'ny fihaonana an-tampony faha-36 ho an'ny Vondrona Afrikana tany Addis-Abeba ny Filoha Andry Rajoelina. Nandritra ny dinika an-databatra boribory momba ny angovo no niresahany sy nitondrany vahaolana mikasika izany. « *Tsy manan-tsafidy fa tsy maintsy mampitombo ny fahafahan'ny vahoaka mahazo herinaratra ny mpitondra eto Afrika* », hoy ny Filoha Andry Rajoelina.



**Ny Filoha Andry Rajoelina niady hevitra momba ny angovo tany Addis-Abeba.**

Isan'ny vahaolana narosony ihany koa ny fametrahana ireo toerana mpamokatra angovo avy amin'ny herin'ny masoandro, na ny «parc solaire». Ho an'i Madagasikara manokana dia nozarainy tamin'ireo mpitondra afrikana ny tetikasan'ny fitondram-panjakana hahafahan'ireo distrika 36 amin'ireo 119 misy hisitraka « parcs solaires » mahazaka 50MW sy fanomezana « kits solaires » ho an'ny tokantrano 2 tapitrisa manerana ny nosy. Nahazo fankasitrahana manokana tamin'ny Filohan'ny Vaomieran'ny angovo eo anivon'ny Vondrona Afrikana, ny Dr Amani Abou Zeid, moa ny tenany tamin'izany. Nandritra ity fivoriana an-tampony faha-36 ity moa no nanaovana ny famindram-pitantanana ho an'izay hitarika ny Vondrona Afrikana. Raha ny Filohan'i Sénégal Macky Sall no Filoha teo aloha dia nomena ny Filoha Kômôriana Azali Assoumani ny fitarihana izany indray.

**JUDD**

Marc Ravalomanana

# Niova intelo ny toerana namoriana vahoaka, saingy tanteraka ihany omaly

Tontosa teny amin'ny tany malalaka, teny Faralaza (Talatamaty) ihany ny hetsiky ny antoko Tiako I Madagasikara, notarihin'i Marc Ravalomanana, rehefa nosakantsakanan'ny mpitandro filaminana, nanomboka omaly. Araka ny loharanom-baovao akaiky ny antoko TIM dia tamin'ny 8 ora maraina, talohan'ny nivoahan'ny Filoha teo aloha namonjy fiangonana, no efa tonga maro teny Faravohitra ny mpitandro filaminana, niaraka amin'ny fiara. Rehefa nanontanian'ny depiote avy ao amin'io antoko io izy ireo, araka ny loharanom-baovao etsy ambony ihany, dia nilaza fa manao fisafoana. Taorian'izay dia nihazo ny « Soa Village »,



**Ny Filoha teo aloha manoloana ny vahoaka tonga marobe, teny Faralaza.**

eny Talatamaty ihany, toerana napetraka mialoha hanatanterahana ny fihaonana amin'ny vahoaka ny Filoha teo aloha. Voalaza anefa fa nosakanan'ny mpitandro filaminana hatrany ny hetsika, ary nisy mihitsy, araka ny loharanom-baovao etsy ambony, ny mpitandro filaminana naka an-keriny ireo fitaovana efa nomanina teny an-toerana. Toerana fahatelo izany ny teny Faralaza izay nivorian'ny mpomba an'Ing Marc Ravalomanana marobe. Ny zava-misy aloha hatreto dia manokana olombelona sy fitaovana maro hanebantsembana ny famoriam-bahoaka ataon'ny Filoha teo aloha ny mpitondra. Saingy raha ny hita maso teny Taatamaty omaly dia tsy nahasakana ny mpomba ny Filoha teo aloha tsy hamaly ny antso izany!

**V.R.**

## Marina izany !

### Tongo-bakivaky... !

**Tsy misy andro tsy andrenesana trangan-javatra hafahafa eto amintsika. Ary ny tena mahatsikaiky dia ny olobe tokony hotahafina sy hanome ohatra no manondrana. Tonga amin'ny fitenenana hoe tongo-bakivaky ka sady maharary no mahamenatra. Maharary satria tsy mifantoka sy mitady izay hahalavorary ny fiainam-bahoaka sy ny tombontsoa iombonana ny ankamaroan'ny tompon'andraikitra fa variana manao zavatra hafa. Hany ka tsy mitsahatra ny mitontongana, saika amin'ny lafiny rehetra, ny fiainan-dRamalagasy. Mahamenatra satria voatonontonona sy voazimbazimba eny amin'ny tambajotra sôsialy ny olona tokony homena haja sy voninahitra, noho ny andraikitra sahaniny sy ny toerana misy azy eo amin'ny fiaraha-monina. Indrindra, tsy isika olom-pirenena malagasy irery no mahita ireny vaovao hafahafa ireny fa izao tontolo izao mihitsy, noho ny teknôlôjia sy ny fitaovan-tserasera efa lasa lavitra. Ny fanontaniana manitikitika ny sain'ny ankamaroan'ny olom-pirenena, manoloana ireo tranga hafahafa resahina eo ambony ireo dia ny hoe: efa nisy hatramin'izay ve ny fihetsika tsy mendrika, mba tsy hilazana hoe mampoafady sy ny kolikoly avo lenta hatramin'izay fa vitsy mpandre, satria mbola tsy arifomba ny serasera, sa ny manampahefana sasantsasany taty aoriana mihitsy no tsy manana etika na tsy ampy fahamatorana na tsy mendrika ny toerana misy azy ? Antenaina fa samy haka ny lesona tandrify azy, manoloana izao zava-misy izao, na ny voakasiky ny fanakianana sy ny fanalam-baraka mivantana, na ny manampahefana hanendry, indrindra amin'izao fotoana iresahana fanovana mpikambana ao amin'ny governemanta izao, na ny olom-pirenena handatsa-bato amin'ny fifidianana samihafa !**

Voahangy Rakotozafy

Zanaky ny faritra Bongolava

# Namotsipotsitra ny maharary azy



**Nandritra fakan-kevitra tao amin'ny lapan'ny Diosezy Tsiroanomandidy ny zoma teo.**

Fotoana nahafahan'ireo zanaky ny faritra Bongolava namotsipotsitra ny maraharary azy ny « Andro fanehoan-kevitra ho an'ny Faritra » nokarakarain'ny fikambanana zanak'i Bongolava ny zoma 17 febroary lasa teo. Nisongadina nandritra ny ora telo sy sasany namosahan'izy ireo hevitra ny olana amin'ny resaka làlana, ny tsy fandriampahalemana, ny resaka kolikoly eny amin'ny fitsarana sy ny sampandraharahan'ny fananan-tany, ary indrindra ny adilahy politika miseho lany amin'ny fidinana an-dalambe sy any anaty onjam-peo. « *Ny toe-tsaina mihitsy no mila ovaina ary mila miverena amin'ny soatoavina sy ny fihavanana isika - Ndao hiray hina hampandroso ny faritra Bongolava* », hoy ny ambetintenin'ireo mpandray anjara, nahitana solontenan'ny tantsaha, fikambanana, antoko politika, Olobe, mpitatitra, mpandraharaha, sns. Nomarihin'Atoa Jean Louis R., filohan'ny fikambanana zanak'i Bongolava, fa handrafetana antontan-kevitra hoentina eny amin'ny ambaratongam-pahefana isan-tsokajiny ny ventin-kevitra azo tamin'ity fakan-kevitra ity, mba hanaovana tsoa-kevitra ho amin'ny fampandrosoana ny Faritra.

**Préfet**

Isan'ny nahavelombolo ireo mpandray anjara tamin'ity hetsika ity ny fahitana ny « préfet » vaovao, tsy niala fa nanatrika sy nihaino ny fanehoan-kevitry ny rehetra hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany. Tsikaritra kosa ny tsy fahatongavan'ireo olom-boafidy sy olom-boatendry nasaina. Depiote iray sy ben'ny tanàna iray ihany no tonga tamin'ireo olom-boafidy nasaina. Nankahery ny mpitarika amin'ny hitohizan'ny hetsika ireo mpanatrika ary samy resy lahatra, fa antoky ny fampandrosoana ny faritra ny famondronan-kery anaty fikambanana. Ankoatra izay, fantatra taorian'ny fivorian'ny OMC notarihin'ny Atoa Rakotohavana Malalaharijaona Fanoela, Prefen'i Tsiroanomandidy ny harivan'io zoma io ihany koa fa voarara ary handraisana fepetra manomboka izao ny famoriam-bahoaka ankalamanjana tsy nahazoana alàlana.

**Niry R.**

**HASIN'I GASIKARA**
**Fampianarana KABARY**
Isaky ny Alahady amin'ny 2 ora. Fanombohana : 05 Martsa 2023.
Toerana : - ABC School 67 Ha
- Ecole Primaire Rasalama
Tél. : 034 44 708 63 / 034 01 214 27 / 033 07 154 23
G-CL 433/12-2

**A VENDRE**
***Terrain au bord de Route**
**1 are 65 ca Analamahitsy**
***Camion Semi-Remorque**
**DAF L05460 Très bon état**
**Tél : 034 60 982 03**
G-CL435/1-1

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Rivodoza tena mahery vaika Freddy

# Hiditra an-tanety eo anelanelan'i Vatomandry sy Manakara rahampitso

*Kajio amin'ny toerana azo antoka ny taratasy manan-danja, asio fasika ny tafo, manaova tahirin-tsakafo ary manangona rano.*

Rahampitso talata alina no vinavinain'ny sampana mpamantatra ny mety ho toetry ny andro hiditra an-tanety eo anelanelan'ny distrikan'i Vatomandry sy Manakara ilay rivodoza mahery vaika Freddy. Omaly tamin'ny 3 ora tolakandro dia tany amin'ny 1 639Km atsinanan'i Toamasina no misy ny foiben'ilay rivodoza mahery vaika Freddy. Mikisaka mianatsimo somary Atsimo Andrefana izy ka mahafaka 26Km isan'ora. Ary hita fa mitombo hery ka lasa rivodoza tena mahery vaika, satria mitondra rivotra 220Km isan'ora miaraka amin'ny tafiotra 310Km isan'ora manakaiky ny foibeny. Rehefa tafiditra an-tanety izy dia vinavinaina hidina ho 175Km isan'ora ny rivotra hiaraka aminy, sy tafiotra 245Km isan'ora amin'izay fotoana izay. Hikija ny orana, izany hoe haherin'ny 180mm. Hahery be na hisamboaravoara maherin'ny 10 metatra ny ranomasina ary ahiana mafy ny fiakaran'ny ranomasina, indrindra fa ny manamorona ny faritra hidirany an-tanety. Mahazo filazana miloko mavo na loza manambana ny faritra Atsinanana, Vatovavy sy Fitovinany. Mahazo filazana fanairana miloko maitso kosa Analanjirofo, Atsimo Atsinanana, Alaotra, Analamanga, Itasy, Vakinankaratra, Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony, Ihorombe, Menabe, distrikan'i Beroroha, Ankazoabo, Sakaraha, Morombe ary Toliara II. Tsy tokony hiandriaka intsony manomboka anio ireo mpanjono avy any Sambava ka hatrany Cap Ste Marie, satria hiharatsy ny toetry ny andro. Manomboka ny 20 hatramin'ny 23 febroary 2023, hahery be na hisamonta ny ranomasina, izany hoe mihoatra ny 10m, noho ny alondrano ateraky ny rivodoza Freddy eo anelanelan'i Toamasina sy Manakara. Hahery ny ranomasina amin'ny faritra sisa, izany hoe hiakatra eo anelanelan'ny 2 hatramin'ny 4m. Dieny mbola tsy misy ny loza, tokony hiomana ny rehetra indrindra amin'ireo faritra mahazo fanambarana miloko maitso sy mavo rehetra. Anisan'izany ny fametrahana gony misy fasika ny tafo, fikajiana amin'ny toerana azo antoka ireo taratasy manan-danja, fividianana tahirin-tsakafo, fanangonana rano, sy ny maro hafa tsy voatanisa.

**Nath**

Fanajariana ao Toliara

# Nahazoana fampitaovana sy fanohanana

Mandray anjara amin'ny fampandrosoana ny tanànan'i Toliara ireo mpiaramiombona antoka. *"Na dia mbola tsy manomboka aza ny fitrandrahana fasimainty ataon'ny tetikasa Base Toliara, dia efa misitraka tombotsoa sahady ny kaominina, toy ny fanomezana kaomiao vaovao roa hoentina manao ny fanajariana ny tanàna. Ankasitrahanay tanteraka izany, satria tsy mahita kaompania hafa hahavita izany izahay."*, hoy ny ben'ny tanàna, Vita Dédé Sidison. Vao tamin'ity volana febroary ity no nisy ny asa tanamaro, nentina nanadiovana ireo lakan-drano. Nitarika ny fanatanterahana ny asa ny fikambanana TOMIRA (Toliara Miharo Raike), ka nanohana ny asa nataon'izy ireo ity tetikasa ity. Olona teo amin'ny 150 no nahetsika tao amin'ny seranantsambon'i Toliara ary 50 tany Besakoa. Anisan'ny antony nanaovana ity asa fanadiovana ity ny fahasarotana amin'ny famoahana ny rano noho ny tanàna iva mitaha amin'ny haavon'ny ranomasina. *"Misehatra amin'ny asa sôsialy eto Toliara ny fikambananay. Misy anay avokoa ny fokontany 41 eto amin'ny kaominina, izay ahitana mpikambana eo amin'ny 3 000. Mitondra fanampiana ho an'ny hopitaly sy ireo traboina ary ireo mponina mipetraka amoron-dranomasina izahay, ary manohana ny lafiny fanatanjahatena sy ny fanaovana asa tanamaro koa. Misaotra ny mpiaramiombona antoka tamin'ny fanohanana ny asa fanadiovana ireo lakan-drano"*, hoy Sambalahy Pamphile, sekretera jeneralin'ny TOMIRA. Nampahatsiahivin'ny ben'ny tanànan'i Toliara ireo asa fanohanana efa nentin'ny Base Toliara tao amin'ny kaominina, toy ny fandefasana tanora niofana tany Kenya, ny fanomezana lakana ho an'ireo mpanjono tao Mahavatsy, ny fizarana vary ho an'ireo traboina tamin' ny fandalovan'ny rivodoza, sns. Ankoatra ny Base Toliara, dia angatahin'ireo mponina any an-toerana ny fanokafana ireo orinasa lehibe sy tetikasa nikatona mba hanomezana asa ny tanora, toy ny SUMATEX, ny HASYMA, ny tetikasa sakoa sy ny etona ao Mahaboboka, ary koa ny hametrahana ozinina mpamokatra simenitra.



**Nesorina avokoa ireo fako nanentsina ny tatatra.**

**R. Muray**

CT Motors

# Tonga ny môtô " Royal Enfield " vaovao

Efa fanta-daza amin'ny fanapariahana ny marika môtô "Royal Enfield" ny CT Motors. Nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny sabotsy lasa teo, teny Andraharo, ny fahatongavan'ny modely vaovao, dia ny "Royal Enfield Hunter 350". Nasaina nanatrika ny lanona ireo mpankafy môtô, indrindra fa ireo tena mpampiasa ity marika ity eto Madagasikara. *"Efa tao anatin'ny 10 taona no nampidiranay ny marika "Royal Enfield" teto Madagasikara. Mandeha ny tsena, satria an-jatony no lafo tamin'ny modely teo aloha 500 ary toraka izany koa ny modely 350, izay nahalafosana teo amin'ny 250 hatramin'ny 300. Nivoatra be ny famokarana môtô tamin'ity marika ity tao anatin'ny roa taona. Ity modely Hunter 350 ity dia tena nandeha be nandritra ny taona 2022. Nivoaka kely tamin'ny modely novokarina teo aloha. Mety tsara amin'ny fifamezivezena an-tanàndehibe. Manana tanjaka eo amin'ny 20 "Chevaux" ary mora entina na ho an'ny lahy na ho an'ny vavy"*, hoy Davy Marechal, tale misahana ny tambajotra sy ny fanapariahana ao amin'ny CT Motors. Efa nisy namandrika sahady ny sasany tamin'ireo môtô naseho tamin'ny sabotsy. Miara-miasa amin'ny banky eto an-toerana ny CT Motors, ary efa novinavinaina koa ny fomba hanamorana ny fahafahan'ny mpanjifa mandoa tsikelikely ny vidin'ny môtô amin'ity modely ity sy amin'ireo môtô rehetra misy ao amin'ny CT Motors. Raha ny fanazavana azo koa dia afaka telo na efa-bolana dia efa ho avy ny modely vaovao amin'ity marika ity. Nisy ny andrana natao tamin'ilay modely Hunter350.



**Maro ireo mpanjifa efa nanao famandrihana. (Sary : Kelly R.)**

**R. Muray**

Randrana sendikaly

# "Tsy mila kandida tsy sahy hanatsara ny sôsialin'ny mpiasa"

Navesatra ny hafatra nomen'ireo sendikan'ny mpiasa. Eo anatrehan'ny fiomanana amin'ny fanatanterahana ny fifidianana ho filoham-pirenena amin'ity taona ity, dia nilaza ny teo anivon'ny Randrana sendikaly fa "tsy mila kandida tsy sahy hanatsara ny sôsialin'ny mpiasa." *"Raha tena hijery ny sôsialim-bahoaka ny fanjakana amin'ity taona ity dia ny sôsialin'ny mpiasa no mila jerena, indrindra fa ny aty amin'ny sehatra tsy miankina. Tsy tokony hisy orinasa havelan'ny fanjakana hampidina ny karama farany ambany ambanin'ny 250 000 Ariary, izay efa nofaritan'ny didimpanjakana sy didim-pitondrana. Na nilaza aza ny minisitra fa tsy misy karama midina izany dia maharay fitarainana sy porofo avy amin'ny sendika maro izahay fa misy orinasa nampidina ny karama farany ambany. Tsy raharahian'ny mpampiasa intsony ve izany ny minisiteran'ny asa ? Ataon'ireo mpitantana tantely afa-drakotra ny fitantanana ny latsakemboky ny mpiasa ao amin'ny CNaPS. Mila havaozina ny lalàna mifehy ny fiahiana ny sôsialin'ny mpiasa, ka ilana ny fiarahan'ny telo tonta mikaon-doha mba hampidirana ny volavolan-dalàna mandritra ny fivoriana faharoa eo anivon'ny Antenimierampirenena. Lanilany foana ny latsakemboka aloan'ny mpiasa any amin'ireo orinasa mpiantoka ara-pahasalamana, ka tsy voakarakara ny fahasalaman'ny mpiasa, kanefa ny "Covid-19" mbola misy. Ilaina ny fanavaozana ny lalàna mifehy ireo orinasa ireo."*, hoy i Barson Rakotomanga, sekretera jeneralin'ny Randrana sendikaly. Nilaza koa ny teo anivon'ny SSM (Solidarité Syndicale de Madagascar) fa raha mitohy ny fanaovana be marenina ataon'ny fanjakana amin'ny fitakian'ny mpiasa, dia hanao tambabe ny sendika rehetra amin'ny fitakiana rehetra atao. Nanatanteraka hetsika fifampiarahabana tamin'ny fahatratrarana ny taona 2023, tao Antsahamanitra, ny avy amin'ny SSM tamin'ny sabotsy lasa teo. Mpiasa sy sendika maro no tonga nanohana ny hetsika teny an-toerana.

**R. Muray**

Depiote Todisoa Andriamampandry

# Nikarakara hetsika fampiofanana mikasika ny fanamboarana savony



**Nisitraka fampiofanana mikasika ny fanamboarana savony avy amin'ny depiote Todisoa ny vahoakan'Ambohimanarina.**

Mitohy ny asa sosialy! Tsy manao ambany maso tsy hita ny tsy fisian'ny asa eny Ambohimanarina ny depiote Todisoa Andriamampandry. Araka izany, mikarakara hetsika fampiofanana momba ny fanamboarana savony ho an'ny vahoaka eny amin'ny boriborintany nahalany azy iny ity olomboafidy TIM ity. Natomboka teny amin'ny fokontany Anosisoa Ambohimanarina izany ny faran'ny herinandro ary hitohy eny amin'ireo fokontany rehetra ao anatin'ny boriborintany faha-6. Maimaipoana avokoa ny fampiofanana mikasaika izany ary ny depiote Todisoa no niantoka manontolo ny fitaovana nampiasaina. Tanjona amin'izany, araka ny fanazavany ny mba hahafahan'ny rehetra mamelon-tena amin'ny fanambarana savony . "*Nofanina mba hahay hihary samy irery ny vahoaka fa tsy hiantehatra amin'ny asam-panjakana sy orinasa afaka haba foana. Kendrena ao anatin'izany hetsika izany ihany koa ny mba hahafahan'ny mponina mivarotra mivantana ny zava-bitany mba hiteraka asa sy vola ho azy ireo*", hoy ny depiote Todisoa tamin'izany. Manaraka izany, niantso ireo malala-tànana mba hikarakara hetsika hafa sy hitady lalana mba hanomezana asa maharitra ho an'ny vahoaka ny depiote Todisoa.

**Mamy R.**